# Ilay Voa Tsara Nafafy 21 Jolay 2018

**21** **Asabotsy**
jolay

**Mahari-po Jehovah sady be famindrampo, mamela heloka sy fahadisoana.** Nomery 14. 18

**Ilay hany Mpamonjy**

Ny Baiboly dia maneho amintsika an'Andriamanitra ho Ilay Mpahary, tsy misy fetra, tsy takatry ny saina, feno fiandrianana, antsoina koa hoe „Jehovah" : be famindrampo sy fahamarinana... mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana", kanefa koa „tsy mety manamarina ny meloka" (Eksodosy 34. 6, 7). Ary iza moa no afaka hihambo ho tsy manan-tsiny ?

Izy koa no Ilay „Andriamanitra finaritra", te hamonjy ny olona sy te hanome azy fiainana mandrakizay. Izany no nanirahany an'i Jesosy Kristy. Ratsy dia ratsy anefa ny nandraisan'ny zanak'olombelona izany fanomezana avy amin'Andriamanitra izany. Nohomboany teo amin'ny hazofijaliana mihitsy aza Jesosy, nanehoany tamin'izany ny tena faharatsian'izy ireo. Navelan'Andriamanitra natao izany, satria tsy maintsy nahatra tamin'ny fahotantsika ny fahatezerany ara-drariny. Nisolo toerana antsika teo amin'ny hazofijaliana Jesosy, mba hahafahan'Andriamanitra mamela ny helotsika. Noporofoiny tamin'izany ny fitiavany antsika.

Ry mpamaky, mila avela heloka ianao, satria na dia heverin'ny mpiara-belona aminao fa tsara fanahy aza ianao, dia imbetsaka no tsy nankatò an'Andriamanitra. Noho izany dia manameloka anao ny fitsaran'Andriamanitra. Koa minoa an'i Jesosy sy ny sorona nataony, raha mbola tsy nanao izany ianao, satria noho Izy no amelan'Andriamanitra heloka anao. Dia ho fantatrao fa Jesosy no Mpamonjy anao. Raha tsy mino an'i Jesosy sy ny sorona nataony ianao, dia midika fa very ianao eo imason'Andriamanitra, voaheloka hizaka mandrakizay ny fahatezerany ara-drariny. Eny, raha tsy manana an'i Jesosy ho Mpamonjy ianao, dia tsy hahazo fanafahana.

Fa raha manaiky handray Azy kosa ianao, dia hahazo ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra. Ary ho hitanao fa Izy dia Ray tia ihany koa, ary Jesosy dia sakaiza ihany koa, azo itokiana tsy amin-tahotra.